
# Iza moa i Isaia?

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mamaky ny tenin'ny lehilahy iray antsoina hoe Isaia isika. Mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha i Isaia. Niaina ela be talohan'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy izy.



Nampianatra momba ny fiainan'i Jesoa Kristy i Isaia. Nilaza izy fa hitondra fiadanana ho an'izao tontolo izao i Jesoa. Nampianatra izy fa ho faty sy hitsangana amin'ny maty ary hiverina eto an-tany indray i Jesoa indray andro any.



An-jato taonany taty aoriana dia nanoratra ny tenin'i Isaia tao amin'ny Bokin'i Môrmôna i Nefia mba hampianarana antsika momba an'i Jesoa Kristy. Rehefa nitsidika ny Nefita i Jesoa dia nizara ny tenin'i Isaia Izy. Nanasa antsika handalina azy ireny Izy. Rehefa mandalina ny tenin'i Isaia isika dia afaka mahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy sy manatona Azy kokoa.

VALINY: DIMY, VOROMAILALA IRAY, NY REHETRA

SARY NATAON'I BEN SIMONSEN

## Fanamby momba ny Soratra Masina

Vakio ny 2 Nefia 19:6. Firy ny anarana nomena an'i Jesoa ao amin'io andininy io?

Biby inona no niseho mba hanehoana fa tao amin'ny batisan'ny Mpamonjy ny Fanahy Masina?

**Toro:** 2 Nephi 31:8

Iza no hitsangana amin'ny maty?

**Toro:** Almà 11:44

## Afaka mamaky ny Bokin'i Môrmôna aho!

Rehefa avy mamaky ianao dia lokoy ny ampahany amin'ilay sary. Azonao atao ny mamaky ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto miaraka amin'ny famakian-teny isan-kerinandro ao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy*:

**Herinandro 1:** 2 Nefia 11:2
**Herinandro 2:** 2 Nefia 24:3
**Herinandro 3:** 2 Nefia 26:23–24
**Herinandro 4:** 2 Nefia 32:5
**Herinandro 5:** 2 Nefia 9:13



**Nampianatra i Isaia fa i Jesoa no "Andrian'ny fiadanana" (2 Nefia 19:6). Manaova sary na makà sarina zavatra iray manampy anao hahatsapa fiadanana. Alefaso any amin'ny Namana ny sarinao!**
**Jereo ny fonon'ny boky any amin'ny farany ahitana ny fomba hanaovana izany.**